## ITAOSY
4

# NORAISIM-POTSINY TEO AMBONY TAFON-TRANO ILAY VEHIVAVY NANAFIKA


## MARINA IZANY !
7

### MAMPIHORON-KODITRA !

## IZY NO IZY
3

RAKOTONDRABE HAJANIRINA JOSEPH NOËL

### EFA ZATRA MISEDRA NY FIAINANA MAFY




# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7493 Taona faha-24 **Vidiny: 500 Ariary** Gazety mivoaka isan'andro Zoma 10 febroary 2023


## RIVODOZA DINGANI
2

### TSY HAHAKASIKA AN'I MADAGASIKARA

## KITRA
3



(Sary Kelly)

### NANKASITRAKA NY BAREA CHAN NY FIRENENA

## GÉRARD ANDRIALEMIROVASON
7

# "FANANGANANA FANJAKANA VAOVAO NO VAHAOLANA HO AN'I MADAGASIKARA"



( Sary Yvon Ram )

## MC LAFATRA
3



### HAMOAKA NY TSIAMBARA-TELON'NY FANENTANANA

## FAMPITSAHARANA VOHOKA ARA-PAHASALAMANA
2

# MAMPANENO LAKOLOSY IREO DOKOTERA MPITSABO

## MANANDRIANA
2

### FIANAKAVIANA 7 000 ANATIN'NY KAOMININA 10 NISITRAKA HARATONAINA




Fampitsaharana vohoka ara-pahasalamana

# Mampaneno lakolosy ireo dokotera mpitsabo

*Natao hiarovana ny mpitsabo sy ny ain'ny reny.*

Voararan'ny lalàna velona eto Madagasikara ny fanalan-jaza amin'ny endriny rehetra. *"Manana adidy ny holafitra hiresaka ny ITG (Interruption Volontaire de la Grossesse). Tsy resaka hoe fanalan-jaza tiako hoesorina ilay izy fa antony ara-pahasalamana. Ohatra hoe mety hahafaty ilay reniny na ilay zaza ao am-bohoka mihitsy no tsy ho velona noho ny antony manokana toy ny fahasamponana. Ny lalàna anefa tsy manavaka mihitsy na fanalan-jaza na fampitsaharana vohoka ara-pahasalamana. Ny fankatoavana ny ITG anefa dia ho fiarovana ny mpitsabo andaniny, ary ny fanavotana ny ain'ny reny ankilany."*, hoy Dr Eric Andrianasolo, filohan'ny holafitry ny dokotera. Efa tamin'ny taon-dasa no nampidirina teny amin'ny Antenimieram-pirenena ny tolo-dalàna momba ny fampitsaharana vohoka ara-pahasalamana tamin'ny alalan'ny solomvabambahoaka Masy Goulamaly. Tsy nandalo tao anatin'ny lahadinika akory anefa ity tolodalàna ity.



**Samy nanolotra soson-kevitra hamahana ireo olona ara-pahasalamana ireo mpisehatra notarihin'ny holafitra fito.**

**Fikaonan-doha**

Omaly, teny Ambatobe, nisy ny fivorian'ireo holafitra fito misehatra eo amin'ny tontolon'ny fahasalamana na ny mahakasika ny olona izany na ny mahakasika ny biby. Nasaina nikaon-doha amin' ireo olana ara-pahasalamana azo vahana ny solontenan'ireo mpisehatra rehetra toy ny avy amin'ny Antenimieram-pirenena, ny Minisiteran'ny fahasalamambahoaka, ny minisiteran'ny fampianarana ambony sy ny fikarohana siantifika, ny fakiolten'ny sampam-piofanana ho mpitsabo, ny akademiam-pirenena momba ny fitsaboana, sns. Lasa be loatra ohatra ireo mpianatra mpitsabo mpanampy nahavita fianarana kanefa tsy an'asa, ary lasa manao kitoatoa sy manokatsokatra toerampitsaboana mangingina. Anisan'ny soson-kevitra naroso ny hametrahana fanadinana tokana ho an'ireo mpianatra rehetra tsy an-kanavaka sy ny famerana ny isan'ny ivotoerana afaka manao fampiofanana. Eo koa ny fisian'ny tokotr'asa fandraisana dokotera manam-pahaizana manokana any ampitan-dranomasina, kanefa tsy ampy ny isan'izy ireo eto amintsika ka tokony hanomana mpitsabo ho manampahaizana manokana, sns.

**R. Muray**

Rivodoza Dingani

# Tsy atahorana ny handalovany eto Madagasikara

Araka ny fanazavan'i Lahatra Mampionona, teknisianina mpamantatra ny mety ho toetry ny andro, dia tsy atahorana ny handalovan'ilay rivodoza Dingani aty Madagasikara. Amin'ny herinandro vao mety hiditra aty amin'ny faridranomasina misy antsika izy io saingy tsy hisy fiantraikany amin'ny mety ho toetry ny andro eto mihitsy ny fisiany. Tsy tokony hiroaroa saina ny vahoaka malagasy eo anatrehan'izany. Amin'izao fotoana izao, any amin'ny 4000 km no misy ny foibeny ary mikisaka miakandrefana ny diany. Ny vinan'ny mety ho toetry ny andro kosa, mihamaina ny andro hatramin'ny faran'ny herinandro, indrindra ho an'ny eto afovoantany sy ny tapany atsinanan'ny Nosy. Hikisaka any atsimo andrefana ny rahona sy rotsak'orana. Hiakatra ihany koa ny maripana manomboka izao ka efa tokony hiomana amin'ny fitafy mendrika amin'izany ny rehetra.

**Nath**

Boriborintany faha-III

# Olona 500 isan'andro no tonga maka kopia

Ao anatin'ny vanim-potoana famenoana ny dosien'ny mpianatra hanala fanadinam-panjakana Cepe, Bepc, Bacc isika izao. Raha ny ao amin'ny boriborintany faha-III eto Antananarivo Renivohitra manokana, dia manodidin ny 1 000 isan'andro eo ny isan'ny olona mifamezivezy mikarakara dosie, ka ny 300 hatramin'ny 500 amin'ireo no maka kopia lava na fohy. Mbola tsy dia rototra firy amin'ny fikana kopia ny olona hatreto, hoy ny delegen'ny boriborintany faha-III, Atoa Ramiandrisoa Rabaritsimba Lalaina. Manahy ity farany fa any amin'ny fara-fanaterana dosie indray ny ankamaroan'ny olona vao hihazakazaka haka ny antontan-taratasiny. *"Dia hahatratra 1000 isan'andro indray ny olona hifanesika eto"*, hoy izy. Araka izany, manentana ny rehetra hikarakara ny dosieny dieny izao ny delegen'ny boriborintany faha-III. Nanolotra kopia 1000 maimaimpoana ho an'ireo olona sahirana ao amin'ny boriborintany faha-III ihany koa ny CUA.

**Niry R.**

Distrikan'i Manandriana

# Tokantrano 7 000 amin'ny kaominina 10 nisitraka ny tetikasa haratonaina

Endrika faly sy feno fahavononana hiatrika ny ampitso no hita teny amin'ny endrik' ireo mponina tany amin'ny distrikan'i Manandriana omaly. Tokantrano 7 000 amin'ny kaominina 10 any an-toerana no nisitraka ny tetikasa haratonaina. *"Mijery akaiky anareo mponina marefo ara-pivelomana ny fitondram-panjakana ary efa maminavina ny hanitarana ny tetikasa haratonaina manerana ny nosy, araka ny efa nambaran'ny Filohampirenena Andry Nirina Rajoelina"*, hoy Rtoa Minisitry ny Mponina Soafilira Princia. Isan'ny notsidihin'ny delegasiona notarihan'ny Praiminisitra Ntsay Christian sy ireo minisitra sasany tonga tany an-toerana ihany koa ny saha sekoly hanatanterahana ny programa Asa avotra mirindra tao Anjoman' Ankona, distrikan'i Manandriana. Nahazo fiofanana amin'ny fambolena kafe, vary sy hazo fihinamboa ary ny ady amin'ny herisetra, indrindra fa ny fahaiza-mitantana, ireo nisitraka ny tetikasa. Nandritra ity hetsika ity no nanoloran'Atoa Praiminisitra Ntsay Christian lamba firakotra ho an'ireo zokiolona, lelavola, koveta, vilany ho an'ireo fikambanam-behivavy, tafo fanitso ho an'ireo olona traboina noho ny haintrano tany an-toerana. *"Misaotra andRtoa Minisitry ny Mponina izahay fa tena mijery anay aty lavitra aty izy. Eo koa ny FID, ny fitondram-panjakana izay ny Praiminisitra mihitsy no tonga taty aminay ary mbola nanolotra an'ireto fanomezana marobe ireto ho anay aty"*, hoy ny solontenan'ireo Zokiolona nandray fitenenana. Samy resy lahatra ny mpisitraka sy ny tomponandraiki-panjakana fa isan'ny fandaharan'asa mitondra fivoarana sy fampandrosoana eny ifotony ny programa Asa avotra mirindra, indrindra ho an'ny Malagasy monina any amin'ny tontolo ambanivohitra. Tsy nohadinoin'ireo tomponandraikitra rehetra koa no nitsidika an'ireo varotra fampitrantina, ny vokatr'ireo mpisitraka ny tetikasa haratonaina sy ireo tranoeva misy fizahampahasalamana maimaimpoana.

**Heriniaina A.**

60 taona - Fikambanan'ny MPIkabary Malagasy

# Hatomboka amin'ny diabe hiainga etsy amin'ny Gara Soarano

Hatomboka amin'ny faha-18 febroary izao ny fankalazana ny 60 taona nijoroan'ny Fikambanan'ny MPIkabary Malagasy, na ny FI.MPI.MA. Homarihina amin'ny diabe hiainga etsy amin'ny Gara Soarano ary hifarana eo amin'ny banja malalaky ny Lapan'ny tanàna izany. Hotohizana amin'ny takarivan'ny fialamboly, izay hotanterahina eny amin'ny Sakay rouge Itaosy ny fotoana. Hetsika iarahan'ny Fimpima sy ireo mpitaridia ara-pizahantany sy ny vondron'ny « Tour Opérateur ». Hisongadina amin'izany ny kolontsaina malagasy, toy ny fangataham-bady fanaon'ny foko samihafa ary adikan' ireo mpisehatra amin'ny fizahan-tany amin'ny tenim-pirenena isan-karazany. Ny Fimpima sy ny Ofisy Nasionalin'ny Fizahan-tany ONTM izay nanatanteraka fanaovan-tsonia fiarahamiasa nanomboka tamin'ny 2022. Efa betsaka ny hetsika niarahan'izy ireo nanatontosa tamin'ny taon-dasa, toy ny tsenaben'ny kabary sy ny tsenaben'ny fizahan-tany, ary mbola hotohizana izany. Ankoatra an'izay, hanomboka ny 13 hatramin'ny faha-23 jona 2023 ny « Kabary Tour », ka ireo mpitaridia no Hampahafantatra ny vokatra sy ny kolontsaina malagasy amin'ireo foko 18. Mihazo an'i Ranomafana, Isalo ary mipaka hatrany Ifaty Toliary izany 3Kabary Tour3 izany. Santionany amin'ireo hetsika hotanterahina ihany ireo fa azo antoka fa ho maro ny fotoana hiarahana amin'ireto mpikabary matihanina ireto.

**Nath**

GCL 428

À VOUS
LA PAROLE

APETRAHO NY FANONTANIANAO
AMIN'NY TARIKA
mahaleo

Izy ireo no vahiny manaraka
amin'ity karazan-dahatsoratra
manaraka ity



Anarana

Asa

Fanontaniana 1)

Fanontaniana 2)

*Hetezana ao anaty gazety ny tapakila ary haterina aty amin'ny Midi Madagasikara Ankorondrano, Lalana Ravoninahitriniarivo, BP1414, Antananarivo 101, mialoha ny 23 febroary 2023*

midimadagasikara

Kitra

# Nankasitraka ny Barea CHAN ny firenena

*" Chevalier de l'ordre National ". " chevalier de l'ordre de mértie ", ary " commandeur de l'ordre de mérite " no nomena teny lavoloha.*

*« Nanaporofo ny firaisankina ianareo tany amin'iny CHAN iny. Isaorana ihany koa fa tena nampientana sy nampihetsipo ny vahoaka malagasy ny ezaka vitanareo ».* Io no nambaran'ny filoham-pirenena Andry Nirina Rajoelina omaly tetsy amin'ny Lapan' Iavoloha, nandritra ny lanonam-pandraisana ny delegasiona, niatrika iny CHAN2022 tany Alzeria teo iny. « *Ho fanamarihana ny maha zavadehibe ny zavatra vitanareo izao* », hoy ny tenany, « *ary izay miaro ny voninahi-pirenena rehetra dia mendrika horaisaina toy izao avokoa* ». Notolorana « Chevalier de l'ordre National » ireo mpilalao rehetra, niaraka tamin'ny mpanazatra Rôro. Ankoatra izay, nahazo « chevalier de l'ordre de mértie » ireo staff 9 mirahalahy, ary mbola nahazo « commandeur de l'ordre de mérite » ihany koa ireo mpilalao 5 mirahalahy, nahitana an'i Nina, Dax, Koloina, Jean Yves, Tsiry. Safidy manokana avy amin'ny filoham-pirenena izany. Nisy ihany koa ny « primes spécial » nomena ireto mahery fo ireto. « *Tsy kisendrasendra* », hoy ny Minisitra Tinoka Roberto, « *no nahazoana izany, fa teo ny ezaka sy fikirizana, ka na teo aza ny mpanakivy dia nijoro hatrany ianareo* ». Hamafisintsika amin'ny Lalaon'ny Nosy izao, hoy Ingahy Minisitra, izay nanatsidika sahady fa mizotra tsara ny fanomanana. Hanainga amin'ny 15-16 febroary izao ny andiany voalohany amin'ireo atleta hiofana any Sina, hoy izy. Efa anatin'ny fifampidinihana amin'ny KOM sy ireo federasiona koa ny fitondram-panjakana, amin'ny hanombohan' ny fampivondronana eto antoerana. Nisaotra izao hetsika nataon'ny fitondram-panjakana izao avokoa ny mpanazatra, ny mpilalao ary ireo fianakavian'ireto farany, izay tonga teny an-toerana, fa tena manana Ray aman-dReny tokoa izy ireo.

**Rabenaivo**

Mc Lafatra

# Hamoaka ny tsiambaratelon'ny fanentanana sy fitantanana lanonana

Hitohy ny atrikasa sy fampianarana mikasika ny fanentanana sy fitantanana lanonana. Daty tokana no hahafahana manaraka izany : ny zoma 17 febroary antoandro izao etsy amin'ny IKM Antsahavola. I Mc Lafatra indray no hamoaka ny tsiambaratelo momba ny fanentanana sy fitantanana lanonana mba hahatonga ho lasa mpanentana lanonana sy tonian-danonana matihanina. Tafiditra ao anatin'izany ny fomba atao mandritra ny lanonam-panambadiana, lanonam-panjakana samihafa, ny arofenitra isan-karazany, ny lanonana ara-pomba kristianina sy ara-drazana, eny fa



**13 taona nisehatra tamin'ny fanentanana sy fitantanana lanonana i Mc Lafatra.**

na dia ny an-karatsiana koa aza. Natao ho an'ny rehetra ny fampianarana ary tsy mifidy taona sy laharanamboninahitra. Fampianarana momba ny resaka fanentanana ranoray sy fahaizana mandahateny imasombahoaka amin'ny alalan'ny fanentanana no hampitaina. Notsiandrin'i Mc Lafatra anefa fa tsy fianarana kabary no hatao. Tafiditra ao anatin'ny fampivelarana ny maha-olona mba hanana toetsaina mpandresy indrindra no antompisian'ity fampianarana ity. Miendrika seminera no hitondran'I Mc Lafatra ny fampianarana, ahitana lohahevitrra 7. Tsy misy ny angon-kevitra amin'ny CD sy an-taratasy, toy ny boky hozaraina mandritra ny fampianarana. Mbola afaka misoratra anarana amin'ny alalan'ny hafatra miafina ao amin'ny FB-n'i Mc Lafatra izay mazoto hanaraka ity fampianarana ity. Hifarimbona hizara ny traikefany amin'io fotoana io i MC X IAN, Lauda, Souleman ary Rado Romeo sy Tolojanahary. Azo atao ihany koa ny miantso an'i Mc Lafatra amin' ireo fety aman-danonana samihafa. Efa 13 taona teo amin'ity sehatry ny fanentanana sy fitantanana lanonana ity izy ary betsaka ny traikefa efa ananany ary io mihitsy no amelomany ny vady aman-janany.

**Tiaray R**

Mihanta Nofidiana

# Hanao fiderana mivantana miaraka amin'ny olona amin'izay

Hanakaiky kokoa ny olona rehetra amin'izay i Mihanta Nofidiana amin'ity taona ity. Hatramin'izay mantsy dia tao amin'ny fesiboky foana no tena nahitana azy. Tao no nizarany ireo hirany sy nitoriany ny filazantsara, ka dia nanapa-kevitra izy fa hanao fiderana mivantana miaraka amin'ny olona amin'izay amin'ity taona ity mba hanamafisany kokoa ny fanolorantenany. Mba hanatanterahana izany dia manana fikasana hiara-kiasa amin'ny



**I Mihanta Nofidiana.**

fikambanana kristianina maro misehatra amin'ny resaka tanora izy mba hitoriana ny filazantsara. Eo ihany koa ny fiaraha-miasa amin'ny mpanompon'Andriamanitra amin'ny Fiangonana maro. Anisan'ny hetsika iray akaiky indrindra hataony izao ny amin'ny alahady izao, hiarahany miasa amin'ny Tiaj Group. Hisy ny fampisehoana ho an'ny tanora hatao ao amin'ny espace le Moineau Ambatomaro amin'io fotoana io ka dia mandray anjara amin'izany izy. Marihina moa fa mpanakanto manao hira ara-pilazantsara i Mihanta Nofidiana, manana hira miisa 11 izy hatreto ary ao amin'ny pejy fesibokiny sy YouTube avokoa no ahitana izany. Ny roa amin'ireo ihany no efa vita rakitsary fa ny ankoatra an'izay dia "lyrics" daholo. Tanora tena resy lahatra ny amin'ny fanarahana ny Tompo izy ka izay koa no tanjony ao anatin'ny fihirany, ny mba hitaona ny tanora mitovy aminy, eny ny olona rehetra mihitsy. Mitondra fankaherezana ho an'ny rehetra koa ny hira ataony.

**Tanya.R**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Raha tsy maintsy ho sorena na ho tofoka amin'izay atao, andramo ny miaritra sy mianatra mihaino."

**Ny Vetso (27.02.14)**

("Les gens qui ne rient jamais ne sont pas des gens sérieux." Alphonse Allais)

## Izy no izy

RAKOTONDRABE Hajanirina Joseph Noël

# Efa zatra misedra sy miatrika ny fiainana mafy

Raim-pianakaviana tsopiaina, tsy ahitan-teny firy kanefa miran-dava, Atoa Rakotondrabe Hajanirina Joseph Noël, no vahinin'ny tsanganana anio. Momba ny adim-piainana misy amin' izao fotoana izao, izay mampikaikaika ny ankamaroan'ny Malagasy, dia nomarihany tamin'ny resadresaka nifanaovana taminy fa tafiditra ao anatin'ny sedram-piainana avokoa izany ka tsy tokony hiteraka fahakiviana. Manoloana an'izany indrindra, dia nanteriny fa tsy misy



**Tia mifandray aman'olona, tsy sarotra ifaneraserana i Haja.**

vaha olana afa-tsy ny miankim-po sy mivavaka amin' Andriamanitra hatrany. Tsy maintsy arahina asa koa anefa izany, hoy izy, fa raha tsy izany dia tsy ho tafita sy tafavoaka amin'ny fiainana. Nanteriny fa efa nandalo teo aminy ny sedram-piainana mafy ka hijoroany vavolombelona. Raha misy ny atao koa, hoy izy, dia ampio ny mpiara-belona. Mampiasa fiarakodia vaventy, fitaterana entana amin'ny orinasa afakaba ireny i Haja. Hamelomany ny ankohonany, miampy fianakaviana maro miara-miasa aminy ihany koa. Ankoatra ny fankafizany mihirahira sy ny fihinana akoho gasy, dia ny baolina kitra - atletisma (5 000 m) – tenisy - lomano no taranja ara-panatanjahantena manavanana azy tamin'ny taonan'ny fahatanorana, nanomboka tany amin'ny CEG Square Poincaré Antanimbarinandriana sy ny Lycée Ampefiloha. Klioba nahasarika azy ny AJESAIA ka nidirany, noho ny hetsika ataony amin'ny fitaizana sy ny famolavolana ny taranaka malagasy amin'ny filalaovana baolina kitra. Mitana ny toeran'ny Filoha Lefitra Nasionaly ao amin'ny "*Centre de Formation de Football des Jeunes Ajesaia*" ny tenany. Nanomboka tamin'ny taona 2003 no niarahany niasa taminy, nitondrany an-dry Abel Anicet sy ry Sedera tany amin'ny "Mondial Pupilles"-n'i Plomelins (France), izay lavon'ny FC Metz tamin'ny lalao manasa-dàlana. Amin'ny maha mpitia fanatanjahantena azy dia novoiziny mafy ny tokony hanampian'ny mpitondra fanjakana sy ny federasionina ny sekolin'ny baolina kitra, izay efa mielipatrana manerana ny nosy ankehitriny. « *Am-panetretena no ilazako fa raha tsy nisy ny sekolin'ny AJESAIA sy ny TANA ATHLETIC CLUB, ary ny ATAFANA Toamasina sy ny AKADEMIA Ny Antsika Antsirabe, dia tsy nanana mpilalao matihanina maro, nitondra avo ny lazan'i Madagasikara tamin'ny CAN 2019 isika* ». Manana ny fijeriny momba ny zava-bitan'ny Barea de Madagascar, niatrika ny CHAN 2022, teo koa ny tenany : « *Tokony hatokisana ny mpanazatra malagasy, hitantana ny ekipam-pirenena. Tafitan'i Me Rôrô ny hafatra napetrak'i Me Ntsoa* ». Nahafinaritra azy ny fandrenesana ny voalohan-tenin'ny mpilalao, nanaovan' ny mpanao gazety fanadihadiana, dia ny fisaorana an'Andriamanitra.

**aris rafaly**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* Lamba, kiraro, vilany, machine, TV, fanaka, bisikileta, cahier sns. MAM. SARAH. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 459/8-8)

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, lamba sns. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 460/20-7)

* Mividy kilalao, kiraro, poketra, tele, radio, korontana, débarras. Cause départ. Tél : 034.68.141.74. (G-BA 462/6-6)

* Mividy lamba, kiraro, poketra, fanaka, debara, frigo, TV. Tél : 033.04.572.23 / 034.43.260.88. (G-BA 464/6-4)

### COURS

* Cours de coiffure accéléré : Isotry ampitan'ny mpivarokazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 463/10-5)

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 467/4-1)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy : coupe homme. Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 463/10-5)

### SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, curage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 465/6-4)

* Vidange wc & puisard, construct° & réhabilitat°. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 468/7-2)

### VIDANGE

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast. Azo hifanarahana tsara. Tél : 034.36.128.35. (G-BA 452/15-15)

Itaosy

# Vehivavy noraisim-potsiny teo ambony tafon'ilay trano notafihiny

*Nisy olona nanana basy teny amin'ny manodidina ka namaly ny tifitra nataon'ny jiolahy ihany koa.*

Nirefotra ny basy teny Itaosy afakomaly tokony ho tamin'ny 2 ora maraina. Nisehoan'ny asa ratsy teny an-toerana tamin'io fotoana io. Jiolahy efatra, nahitana vehivavy iray sy telo lahy nirongo basy, no tonga nanatanteraka ny asa ratsiny tao amin'ny tokantrano iray tany Antanivory Ambohijafy, ao anatin'ny kaominina Bemasoandro. Nandritra ny fotoana nahatongavan'izy ireo teny an-toerana dia efa fantatry tompontrano fa misy jiolahy ao ivelany ao ka lasa naka kiririoka izy ka nitsoaka izany avy hatrany. Nanoloana izany dia tonga dia nanapoaka basy ny iray tamin'ireo jiolahy tany ivelany tany. Nandre izany avokoa ny manodidina ary nisy tamin' ireo olona nipetraka teny akaikin'ity trano nokasain'ireo olon-dratsy hotafihina ity no nanana basy ka namaly ilay tifitra nataon'ny jiolahy ka nanapoaka basy ihany koa. Teo anatrehan'izay dia nikoropaka ry zalahy ka rafitra nandositra. Efa nisy ihany koa ny olona teny an-toerana no niantso mpitandro filaminana avy hatrany ka vantany vao nandre mikasika ny zavaniseho ny zandary dia nanao fidinana ifotony. Fotoana vitsy monja dia tonga tany amin' ilay trano izy ireo ka efa tsy tazana intsony ireo telo lahy nitondra ilay fitaovampiadiana napoakany fa ilay vehivavy kosa mbola taraiky tavela teo ambonin'ilay tafontrano ka nosamborina avy hatrany ary nentina nankany amin'ny biraon'ny zandary. Mitohy ny famotorana sy fikarohana ireo namany.

T.H

Ankazoabo atsimo

# Mpanangom-bokatra voavely famaky, lasa ny 4 tapitrisa ariary

Nisehoan'ny fanafihana mitam-piadiana tany Ankazoabo atsimo ny alin'ny talata hifoha alarobia teo, tokony ho tamin'ny 11 ora sy sasany. Tokantranon'ny mpanangom-bokatra no notafihin'ny jiolahy mitampiadiana tamin'io fotoana io, ka ankoatra ny vola mitentina efatra tapitrisa ariary lasan' ireo jiolahy dia naratra mafy novelesin'izy ireo tamin'ny famaky ilay rangahy. Jiolahy telo nitondra famaky no nanatontosa ny asa ratsiny. Nanao izay ho afany ry zalahy mba hidirana amboletra tao amin'ilay trano. Nopitsohan'izy ireo ny varavarana ary rehefa tafatsofoka tao dia nandrahona sy nanambana tamin'ny fitaovam-piadiana nentiny ny olona rehetra hitany tao ary nanery azy ireo mba hamoaka vola. Tsy sahy nanohitra ireo olona tao an-trano satria natahotra ny ainy noho ny hery tsy mitovy, ka dia nanaiky tsy fidiny izay baikon'ireo jiolahy. Nitsangana ilay ramatoa ary nandray ny lakilen'ilay lalimoara hakana ilay vola. Ny sasany tamin'ireo mpanafika niandry azy teo. Ny jiolahy hafa kosa anefa tetsy ankilany teny akaikin'ilay rangahy ka tsy fantatra izay niseho nandritra izany fa tsy nisalasala ireo olon-dratsy namely famaky azy teo amin' ny lohany. Naratra mafy izy tamin'io satria diam-pamaky efatra no teo amin'ilay rangahy, ary nijininika izay tsy izy ihany koa ny rà. Taorian' izay dia lasan-dry zalahy ny vola an-tapitrisany maromaro, ary lasa izy ireo nandeha. Tsy nisy olona naheno mikasika ity fanafihan-jiolahy ity mihitsy tamin'io fotoana io satria avy ny orana ary tapaka ihany koa ny jiro ka nanao izay danin'ny kibony tao ireo jiolahy. Efa nentina namonjy hopitaly notsaboina ilay naratra ary fantatra fa tsy misy atahorana ny ainy.

T.H

Tafika malagasy

# Nanolotra basy ho an'ny polisim-pirenena

Mbola mipetraka ny firahalahina amin'ireo mpitandro ny filaminana. Izany dia maneho fa misy ny firaisankina entina mametraka ny fandriam-pahalemana maharitra. Manaporofo izany ny lanonaa niseho omaly dia ny fanoloran'ny miaramila na ny tafika malagasy fitaovampiadiana ho an'ny polisimpirenena, teny amin'ny FIP Antanimora. Natao izao hetsika izao mba hoentina manatevina ny fitaovana efa eo am-pelatanan'ny polisy. "Ireo fitaovana ireo dia tsy natao hopotehina, satria volam-bahoaka, sady mbola misy ny ilana azy ho fiarovana ny vahoaka sy ny fananany. Fampitaovana ireo polisy izay misandrahaka



Ireo basy natolotry ny tafika ho an'ny polisy.

manerana ny Nosy, indrindra any amin'ireo faritra mena, ho fiadiana amin'ny tsy fandriam-pahalemana. Mpirahalahy mianala ny polisim-pirenena sy ny Tafika Malagasy ka mila mifampitsinjo hatrany ho tombotsoa ambonin'ny firenena sy ny mpiray tanindrazana, hoy ny minisitry ny Fiarovam-pirenena sady minisitry ny Raharahambahiny mpisolo toerana, ny Jeneraly Richard Rakotonirina. Tonga nanatrika ity lanonana ity ny minisitry ny Filaminam-bahoaka, ny "Contrôleur Général de Police Randrianarison Fanomezantsoa, raha ny lehiben'ny Etamazaoron'ireo Tafika Jeneraly Sahivelo Lala Monja Délphin kosa no nanolotra izany tamin'ny fomba ofisialy tamin'ny Tale Jeneralin'ny Polisim-pirenena, "Contrôleur Général de Police "Rakotozanany Dany Marius.

Ariel D.

Maevatanana

# Maty voatifitra i Tafika mpangalatra omby

Nasesin'ireo dahalo nangalarina ny omby, nentiny tao amin'ny kaominina Beanana, distrikan'i Maevatanana, ny alarobia teo. Omby halatra avy any Ambalabe, fokontany Marotaolana, no naiditra tao an-toerana. Dahalo iray antsoina hoe Tafika sy ny namany no nanao ny asa ratsy naka ny omby. Vetivety dia nipaka tany amin'ny zandary ny loharanom-baovao. Nidina ifotony nizaha ny zava-misy ireto farany ka tamin'izany no voasambotra ity dahalo antsoina hoe Tafika ity. Nanoro ny namany izy saingy teny an-dalana no nikasa hitsoaka. Nampitandremina ihany fa mbola nanohy ny diany ka maty tsy tra-drano niharan'ny tifitra. Araka ny angom-baova dia omby roa no nangalarin' ireo dahalo ireo. Nitsoaka ireo dahalo rehefa nahita ny fokonolona sy ny zandary avy lavitra. Raikitra ny fifanenjehana ka nandritra io no tra-tehaka i Tafika. Marihina fa mponina ao amin'io tanàna io ihany izy. Mbola mitohy kosa ny fanadihadihana satria nilaza io dahalo io fa mialokaloka any Anosifito, kaominina Antanimbary, ny namany naka ireo omby ireo. Efa natolotra ny tompony ilay omby .

Ariel D.

Beroroha

# Lehilahy namono ny vadiny, novonoin'ny olona koa

Mpivady namela zaza 5 mianadahy no niaraka namoy ny ainy tao amin'ny kaominina Tanandava, distrikan'i Beroroha, afak'omaly alarobia. Raha zohina ny fandehan'ilay tranga dia novonoin'ilay rangahy ho faty ny vady andefimandriny. Rehefa matiny tamin'ny fomba feno habibiana io dia niharan'ny fitsaram-bahoaka ihany koa izy, araka ny fanazavan'ny mponina. Disadisan- tokantrano nisy tamin'ny roa tonta no nahatonga ny asa ratsy. Tsy namelan'ny olona ilay nahavanon-doza fa nosamborin'ny fokonolona ka matin'ny daroka sy ny vono. « Marihina fa nokapakapain'ilay rangahy tamin'ny famaky ny vadiny. Taorian' izay izy no nikasa handositra, kanjo tra-tehaky ny fiarahamonina. Izany hoe samy namoy ny ainy izy mivady, izay fantatra fa namela kamboty dimy mianadahy.

Ariel D.

**Gazetiko**
novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 930 - 02 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

Nahandro

### Trondro sy angivy

Zavatra ilaina : Trondro maina (fony), angivy, anamalao, voatabia, tongolobe, menaka. Fikarakarana azy : Alaina ny trondro maina (fony), ilay miloko mainty toy ny avy natono ireny. Lomana anaty rano. Endasina anaty vilany avy hatrany ny voatabia sy tongolo, dia asiana rano tapaky ny zinga avy eo. Arotsaka ny trondro sy angivy dia avela hiaramiketrika. Azo tampohina rano araka izay tiana. Rehefa akaiky ho masaka dia arotsaka ny anamalao. Esorina amin'izay rehefa masaka fa tsy andrahoina maharitra loatra ny hazandrano.

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

**Faralahy**




## Hatsikana an-tsary

**Panô**




## Masoandro Miposaka

**Hebreo 1 : 3-4**


Izy koa no famirapiratan'ny voninahiny sy endriky ny tenany indrindra ary mihazona ny zavatra rehetra amin'ny herin'ny teniny; ary rehefa nanao fanadiovana hahafaka ny fahotana Izy, dia nipetraka teo amin'ny tanana ankavanan'ny Lehibe any amin'ny avo ka natao tsara noho ny anjely, araka ny nandovany anarana tsara noho ireny.

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Jamba mitanin'andro : finaritry ny hafanany, fa tsy mahita ny famirapiratany.**

**Un aveugle se chauffant au soleil : il est content de sentir sa chaleur, mais il ne peut voir son éclat.**

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2878

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | | 2 | | |
| | | | | 5 | 2 | | 4 | |
| | 1 | | | | | | | 7 |
| 6 | 2 | | | | 9 | 4 | | |
| | 3 | 7 | | | 5 | | 6 | |
| 9 | 8 | | | | | | 5 | |
| | 7 | | | 2 | | 5 | | 8 |
| | | | 8 | 4 | | 7 | | |
| | | | | | | | 1 | |

Valin'ny laharana 2877

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 5 | 6 | 2 | 8 | 9 | 1 | 7 | 4 | 3 |
| 9 | 8 | 4 | 3 | 7 | 6 | 2 | 1 | 5 |
| 3 | 1 | 7 | 5 | 4 | 2 | 8 | 6 | 9 |
| 4 | 2 | 8 | 1 | 5 | 9 | 3 | 7 | 6 |
| 6 | 9 | 3 | 7 | 8 | 4 | 5 | 2 | 1 |
| 1 | 7 | 5 | 6 | 2 | 3 | 4 | 9 | 8 |
| 7 | 4 | 6 | 9 | 3 | 5 | 1 | 8 | 2 |
| 2 | 5 | 1 | 4 | 6 | 8 | 9 | 3 | 7 |
| 8 | 3 | 9 | 2 | 1 | 7 | 6 | 5 | 4 |

Gérard Andrialemirovason

# "Fananganana Fanjakana vaovao no vahaolana ho an'i Madagasikara"

*Mieritreritra ny ho kandidà amin'ny fifidianana Filoham-pirenena izao Atoa Gérard Andrialemirovason.*



**Izy no Gérard Andrialemirovason, mpanao politika mety ho isan'ireo kandidà Filoham-pirenena.**

Amin'ny fotoana ankatoky ny fifidianana toy izao, dia manao ranolava ny fanehoan-kevitra ataon'ireo mpanao politika eto amintsika. Raha efa tsy re nandritra ny fotoana maharitra, dia nivoaka tamin'ny fahanginany ihany koa Atoa Gérard Andrialemirovason, tomponandraikitra ambony tamin' ny fitondran'ny Amiraly Didier Ratsiraka. Hevitra narosony hanarenana ny firenena izay latsaka an-katerena ankehitriny ny fananganana «Fanjakana vaovao» na «Etat du type nouveau». Ny fametrahana izany no vahaolana ialana amin'ny fahantrana sy ho loharano hampitombona ny fiharin-karena. Ho fanatanterahana izany, hoy ity mpanao politika, dia ilaina ny fametrahana lalampanorenana vaovao ho fototry ny fanovana tiana hatao. Aminy, nanomboka tamin'ny Repoblika fahatelo dia tsy marin-toerana hatrany ny firenena ka ny fiangonana sy ny tafika hatrany no nantsoina handamina. « *Manomboka izao dia tokony handray an-tanana ny raharam-pirenena ny mpanao politika* », hoy Atoa Gérard Andrialemirovason raha nitafa tamin'ny mpanao gazety tetsy Antanimena omaly. Teboka efatra moa no nambarany fa tsy maintsy hatao laharam-pahamehana ao anatin'ny fametrahana ny « Fanjakana vaovao ». Tafiditra ao anatin'izany ny fanampiana ny raim-pianakaviana eo amin'ny asam-pivelomana ataony hahafahany mamelona ny ankohonany, ny fiarovana ny vahoaka manoloana ny fiovaovan'ny toetrandro, ny famokarana angovo ho an'ireo sehatra ara-toekarena, ary ny fanamorana ny fizarana sy ny famoaham-bokatra sy ny fampifandraisana ireo toerana rehetra. Aorian'izany, hoy izy, vao miroso amin'ny fanavaozana ny rafitra ara-politika sy ny andrimpanjakana sy ireo sehatra hafa.

**Mety ho kandidà Filoham-pirenena**

Mazava moa fa antony iray lehibe nahatonga azy handroso ireo soso-kevitra ireo ny fitsofohana lalindalina kokoa amin'ny raharaham-pirenena, indrindra ny ara-politika. Tafiditra ao anatin' izany ny fandraisana anjara amin'ny fifidianana ho avy. Nambarany fa mety ho isan' ireo kandidà amin'ny fifidianana Filoham-pirenena ny tenany raha mahazo tsodrano avy amin'ny vahoaka malagasy rehetra. Isan'ny tanjony ny hametrahana ity hevitra novolavolainy ity, dia ny fananganana ny « Fanjakana vaovao ». Andrasana ny hanaovany fanambarana ofisialy momba izany. Mitombo hatrany araka izany ireo mpifaninana amin'ny fifidianana filoham-pirenena.

**JUDD**

Toe-draharaha pôlitika

# Samy miketrika izay ahatongavany amin'ny tanjony ny mpitondra sy ny mpanohitra

Valo volana eo ho eo mialoha ny daty tokony hanatanterahana ny fifidianana, azo lazaina ho milamindamindratsy ny toe-draharaha pôlitika eto amintsika. Antony, tsy dia misy loatra ny fifandonana ara-kevitra eo amin' ireo sokajin'olona tsy mitovy firehana pôlitika sa samy miketriketrika any amin'izay misy azy any. Ny mpitondra sy ny mpomba azy mitady ny fomba hampaharitra azy eo amin'ny toerany, amin'ny alalan'ny fampiasana serasera faran'izay matanjaka andaniny. Ary ankilany ny fametrapetrahana tsikelikely amin'ny toerany ireo tompon' andraikitra isan-tokony azo itokisana. Mifanindra-dalana amin'izany, fanesorana araka izay tratra ireo tsy dia azo antoka sy mety tsy mamaly ny filàna sy ahiana tsy ahatanteraka ny tanjona. Ny mpanohitra kosa, misy ampahany manao izay ho afany mandresy lahatra ny vahoaka, amin'ny alalan'ny fampahafantarana ny fandikan-dalàna ataon'ny mpitondra sy izay mety ho zavamiafina tsy takatry ny sain'ny olon-tsotra any ho any.

*Raha jerena maimaika dia milamindamin-dratsy ny pôlitika eto amintsika, volana maromaro mialoha ny fifidianana.*

**Samy manana ny manahirana azy!**

Misy kosa anefa ireo ampahany ahiahian'ny mpiray dia aminy ho misababaka. Antony miteraka ny fisarahan-kevitra sy ny samy maka ho azy, eo amin'ny samy mpanohitra. Ny zava-misy dia samy manatanteraka fivoriana andaminana ny paikady na ny andaniny na ny ankilany. Manoloana ny zava-misy dia maro ny fanontaniana manitikitika ny sain'ny mpanara-baovao ny amin'ny hoe: Ho tanteraka amin'ity taona ity ihany ve ny fifidianana? Raha tsia, inona no mety ho antony maharesy lahatra ahafahana manohana ny hevitra, mba tsy hiharihary ny mety ho tsy fanajana ny voasoratra ao amin'ny Lalampanorenana. Mifanindran-dalana amin' izany, ny olom-pirenena tsotra, tsikaritra ho variana miatrika ny fiainana andavanandro izay tsy mitsahatra ny mihasarotra andro aman' alina, raha tsy hiresaka afatsy ny lafiny sôsialy. Raha fintinina dia samy manana ny manahirana azy!

**V.R**

## Marina izany !

### Mampihoron-koditra !

**Raha mbola tsy ahitam-bahaolana ny fisakanana ny fiparitahan'ny zavamahadomelina manapotika ny tanora, eny fa na ireo efa vory saina sy manana ny toerany eo amin'ny fiaraha-monina aza, dia mipoitra indray ny trangan-javatra mamoafady, azo antoka fa hanampy trotraka izany. Ny zavamahadomelina izay tsiahivina fa amidy eny amin'ny toerana tsy ampoizina, toy ny manodidina ny sekoly, ka maro ny mpianatra no tafajoboka ao anatin'izany. Izay rehetra nanandrana anefa dia tsy afa-bela, araka ny fitarainan'ny ankamaroan'ny ray aman-dreny fa miankin-doha tanteraka. Hatramin'ny omaly, misy sarin'ny tovolahy, mitovy fitaovam-pananahana, manao fihetsika mamoafady, nisy namoaka teny amin'ny tambajotra sôsialy. Tranga izay ahiana hanao randran-tarihina amin'ny ankamaroan'ny tanorantsika efa marefo noho ny ankamaroan'izy ireo tafiditra amin' ny rendrarendra samihafa. Tsy izany ihany fa mbola mampihoron-koditra ihany koa ny fisian'ny vaovao mahakasika zaza tsy ampy taona, irahin'ny kitapo nifonosana handray anjara amin'ny horonan-tsary mamoafady. Izany hoe ampiasaina ireny menaky ny aina ireny hitadiavam-bola. Tranga nahazoam-baovao fa any ivelany any no amidy ireny horonan-tsary ireny. Soa ihany fa efa nandray ny andraikiny ny mpitandro filaminana ary nisambotra ireo renim-pianakaviana voamarina fa tao ambadik'izany. Ireo aloha no nahazoam-baovao sy tratra. Azo antoka fa maro ny manao ho antom-pivelomana ny tranga hafahafa toy izany. Antony anaovana antsoavo amin'ny tompon'andraikitra isan-tokony voakasika, mba tsy hanamaivana ny zava-misy, na sanatria ho mpiray tsikombakomba mivantana na an-kolaka, ho fitsinjovana ny hoavin'ny tanora malagasy !**

Voahangy Rakotozafy

Hery Rajaonarimampianina

# Higadona eto an-tanindrazana rahampitso

Raha tsy misy ny fiovana dia higadona eto an-tanindrazana rahampitso sabotsy ny Filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina. Efa manomana fitsenana makotroka ho azy ny antoko Hery Vaovaon'i Madagasikara, na HVM. Fotoana maromaro tokoa izay no nialany teto Madagasikara ka dia zava-dehibe ny fiverenany indray. Araka ny fanazavan'Atoa Rivo Rakotovao, Mpandrindra Nasionalin'ny antoko HVM, dia efa mivonona amin'ny zavatra rehetra mety hiseho izy ireo. Tafiditra ao anatin'izany ny fanaratsiana sy ny fanakianana ity Filoha teo aloha ity amin'izao fiveranany eto Madagasikara izao. « *Tsy misy antony tokony atahorana izay fanaratsiana mety hiseho. Tsindriako manokana anefa fa nadio ny Filoha Hery Rajaonarimampianina niditra teo amin'ny fitondrana ary nadio ihany koa izy niala teo* », hoy Atoa Rivo Rakotovao tamin'ny fanazavana. Hangotraka araka izany ny hetsika sy ny seho ara-politika ato ho ato, satria efa manomboka miseho amin'izay ireo mpandray anjara ngezalahy ao anatiny. Andrasan'ny maro amin'izao fiveren' Atoa Hery Rajaonarimampianina izao ny fitondrany mivantana ny heviny mahakasika ny rahaharam-pirenena, ankoatra ireo izay efa nambarany. Eo ihany koa ny ahafantarana na ho isan'ireo mpifanina amin'ny fifidianana ho Filoham-pirenena ny tenany na tsia.

**JUDD**

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

**HASIN'I GASIKARA**

Fampianarana KABARY

isaky ny Alahady amin'ny 2 ora

Fanombohana : 05 Mars 2023

Toerana :

* ABC School 67ha

* Ecole Primaire Rasalama

Tél : 034 44 708 63 - 033 07 154 23

G-CL424/3-2

Telma

C'est nouveau, c'est **lenovo**™

M7 4G

M10 4G




**1 129 000** Ar TTC

**699 000** Ar TTC

GARANTIE **1an**

RENDEZ-VOUS EN **TELMA SHOP**

GCL 413/1-1